

1 Janvier 1892—14 Avril 1931

Varavararam-bato, caracaram-barahina, varavararam-d'icofra... misy tononkira iray mialondo amin' izany ohatrohatra izany, mirioro ao antsohiko, eta volana maromaro izao tiaoko hanankalazana ny fahatsiarovako an' io Vehivavy Mpamao tononkira io, nefa tsy mbola nety tanteraka ho-hira na ho teny skory.

Ohatrohatra nindramina tamin' ny fahendren ny Nsoulontsika sy ny Greka tranimate ny roa roaloiany; ny fahatelo kosa dia tafiditra tao antsohako, niarsika tamin' ny rivotra avy atsinanana, indray harivava raha nizaha an' i Manankasina izay mam-bomba ilay nofo tanora sy ilay loha feno hira, tany ankostry ny ha-vona ny masoko.

Teny foana mantsy izany rehetra izany, satria tsy hisanojo amin' ilay olona isaonantsika intsy, na fiteny inona na fiteny inona mivoaka ny vava mbola nofo !

Ao ambadiky ny vato 'saron' ny tany ao ; ao ambanin' ilay foinjam-barahina, lazain' ny angano atemani-ua ho manindry ny tratran' izay, efa voaverina amin' ny tanimanga mian-dohana ; eny, any ho any, mbola la-vitra noho ny toer na hahaterahan' ny rivotra sy hatorian' ny masoandro... any amin' izany kontinantra hafa noho ny dumy fantaatra izany, no monina i Anja-Z, ilay sady asa, no fitiavana, no marika, no tononkira velona, vao volana vitsivitsy foana izay !

Tsy ho toy ny manohy ny tilikam-bo tsy vita tao Babela ve isika, raha mitady ho reny amin' ny firadaradan' ny tenin' ny olombelona ? Marina fa te-hanatrika az, te-ho eo an-tsofiny izay rehetra soratana hanatsiarovana azy. Herimpo very mai-na anefia izany raha tsy ny fo, ny tena fo, no miteny.

Impito nizezaka hanantossa an-izany abo, nefa vao indroa mbamin' izao, raha be, no nahefa kely. Ny voaloahany dia vao haingankainguna izay, raha vao neken' ny *Journal des Poètes* ny hevitra, hanokana fitadidiana fetibe an-ditazanandrasoa, izay hifurimbaban ny Mpamao tononkira eran' izao tontolo izao, ary hatao-amin ny taona ho avy, any Bruxelles.

Inona indray anefia no mbola azoko hambara momba qm' io olona nitardajana ahy io, efa mihoatra ny 10 tsiona izao ?

Jereko ny fitoeram-bokiko : na dia laharana iray manontolo aza hanampy eo, dia mbola tsy ho ritra ny azo lazaina momba an' Itompokovavy.

An' ny mpitantara any aorianana izay : ny manomana ho azy ireny ny « ho enti-manana » an' izany no anjarantsika.

Lazao tsotra ary fa isan' ny rehahantsika marina izay. Ny porofon' izany ve ? Atsy ho atsy kokoa, rehetra tofoky ny teny alabatra sy ampiotiam-peo fotsiny ny olona eto, ka miala zavatra 'ankosetrant' izany taralila mankadijo izany — amin izay vao hibaribary sy ho fantaatra izany.

Ny mahafaly aby indriindra dia izao : tsy mbe niandry izany fitohazan' ny fahalalana izany ny tany Andaly rehetra any, fa eto, mamestraka ny anaran' i Esther Rizana-draso eny antampon' ny awo sahaby.

Ity tononkira avoakan' iao an-
bany ity dia isan' izay namboho
tany indriindra Abatsiarovisko ilay
tapatane-tononkira fahagola hany
voasiny amin' ny asan' i Sapho
de Mytilène, ka hita ao amin' ny
Traité du Sublime nataon' i Longin.
izy ity », hoy ny mpanoratra italiana
malaza iray nandidika azy amin' ny
fiteniny.

Iray amin' ny arivo ny Mpamao
tononkira azo ampitahaina sy voataha
amin' ny « ngeza » toy izany.

Mampirehareha ny maha-mpiray ta-
nindrazana amin' ny olona toy itony !

J.-J. RABEARIKOLO

F.B. 19 aout 1931